
ORGANISATION DE SOUTIEN POUR LE DÉVELOPPEMENT RURAL À MADAGASCAR
UNE INITIATIVE DE LA FONDATION AGA KHAN


the innocent foundation

## Dingana 2 amin'ny teknika fambolem-bary zanatany:

# FAMPIVADIAM-BOLY SY FIFANDIMBIASAM-BOLY

**Azo atao an-tanety na an-tanimbary**






Fampivadiana voly samy hafa karazana eo amin'ny tanimboly iray tsy mitovy fianakaviana, tsy mitovy karazam-bokatra ilaina sy andrasana, tsy mitovy filàna na ny fitrandrahana ny tany. fa afaka miaraka maniry tsara sy mifamelona. Ohatra: Vary sy soja na katsaka sy tsaramaso, sns.

Ny tsara dia atao samy manana ny ligne hambolena azy ny voly tsiairay mba hanamorana ny fikarakarana azy. Atao mifandimbindimby sy mifanelanelana ny ligne ho an'ny karazamboly samyhafa. Ny tanjona dia voarakotra zavamaintso ny tany rehefa maniry tsara ny voly rehetra.

Asiana fefy velona ihany koa ny tanimboly na tanimbary toy ny ny tithonia, tephrosia, sns, mba hiarovana amin'ny fahavalo mpanimba no hanatsarana ny tany . Ny ravin'izy ireny dia azo tapahina ka aparitaka ao anaty tanim-bary mba ho lasa zezika no mitazona ny hamandoana.




Rehefa vokatra ny voly izay nafafy dia ny voany ihany no jinjaina fa ny tahony, ny raviny ny fakany rehetra dia avela eny antanimboly ihany atao handrakofana ny tany.




Rehefa vokatra ihany koa ilay légiominezy natao vadimboly sy nampifandimbiasina tamin'ny vary dia ny voany ihany no tangosana sy alaina fa ny ambiny dia avela hanampy ny rakotra.



Averina foana ny fampivadiana sy ny fandimbiasam-boly, ary ireo taho sy ravina avy nihotazana ny voa dia avela eny antanimboly mba handrakotra ny tany, izany dia hanamasahana sy hanatsarana ny tany.






Tsy asaina intsony ny tany fa ireo milolo, ravina, taho, sy fakan'ireo zava-maniry navela teo amin'ny tanimboly dia tapahina na hosena mba handrakotra tsara ny tany, izay manjary lasa zezika rehefa potipotika sy lo.





Avy hatrany dia alatsaka ny masomboly ary asiana zezika. Marihina fa zezika natoraly hatrany no ampiasaintsika.



Io teknika io dia sady manatsara ny tany no miaro ny tontolo iainana no ahazoana vokatra tsara sy maharitra.

Raha mila fanazavana fanampiny dia antsoy ny **+261 32 05 822 64** na manorata mailaka amin'ny **contact@osdrm.mg**.
*Organisation de Soutien pour le Développement Rural à Madagascar (**OSDRM**). Un programme de la Fondation Aga Khan*
*Immeuble APPEL 2ème étage porte droite - Lot II L 111 ED - Ankorondrano*

**Produced by :**
HAY Creatives
*https://haycreatives.com*
*hay.creatives@gmail.com*
*+261327599999*